# 365Tantara 82.Ny fiantombohana amin' ny kely!



# 82. Ny fiantombohana amin' ny kely! *

Loholon'ny fiangonana iray no nanatona ny Pasiterany indray alahady maraina. Ary niteny taminy tamin'alahelo nefa entitra: Misy zavatra tsy mety mihintsy angamba ao amin'ny to¬riteninao? Na ao amin'ny asa fanompoanao, satria tsy nahazo afa-tsy mpikambana iray monja isika tamin'ity taona ity ary mbola ankizilahikely koa amin'izay! Ary tadidin'ilay Pasitera ny nosoratan'ny sekretera tana¬tin'ny rejistran'ny fiangonana:

"Kely loatra izy ka toy ny tsy misy!"



Nitory teny tamin'ny fo malahelo ilay Pasitera ny andron'io, ary nifarana tamin'ny ranomaso ny toriteniny.Niriany ny hitory teny farany ary ny hatory ho amin'ilay torimaso farany ary ny hifarana eo ambanin'ilay hazo amorom-pasana. Nijanona ela tao amin'ny fiangonany izy,



nitady fihaonana am-po tamin'Andriamanitra, raha tonga ny ankizilahy iray ilay natao batisa ta¬min'io taona io, nanantona azy, ny endrika nangoraka.

- Hay ianao Robert! hoy ilay Pasitera. Nanontany ilay ankizy: Mino ve ianao fa raha miezaka be izaho dia afaka mitory ny filazantsara?

Mitory ny filazantsara â? Hoy ny navalin' ilay Pasitera, talanjona. Eny, mety ho lasa misionera aza, no nasisik'ity ankizy. Fahanginana elaela, nilatsaka ny ranomason'ilay Pasitera, ary sitrana ny ratra tao am-pony.

- Robert, hoy izy. Hitako amin'izany ny tànan'Andriamanitra. Hotahian'Andriamanitra anie ianao anaka.



Eny, mino aho fa hitory ny filazantsara ianao!  I Robert Muffat io ankizilahy io, izay, taty aoriana, nanampy faritra vaovao ho an'ny fiangonana. Nandika ny Baiboly tamin'ny fitenim-poko maro ary nampahafantatra an'izao tontolo izao zava-baovao maro ara-geo¬grafika. Kanefa, i Robert Muffat dia avy amin'ny fianakaviana tso¬tra. Nanomboka tamin'ny asan'ny mpanao zaridaina izy, fa tamin’ny  taona 1814 izy, nanolon-tena tamin'ny "Société Missionnaire de Londres" , ary tamin’ny taona 1816, dia nalefa tany Afrika Atsimo. Rehefa niaraka herintaona ta¬min'ilay filoha “Afrikaner”  izay vitany nampiova fo, dia niverina tany Cap i Muffat, ary nanambady. Avy amin’ izany firaisana izany dia teraka ary ny zanany vavy izay taty aoria¬na nanambady ilay misionera malaza hatao hoe David Livingstone. Tamin’ ny taona 1820, nifindra anatiny kokoa tao Afrika atsimo ny fianakaviany, nia¬raka tamin'ny foko Bechuana izay mipetraka andrefan'ny renirano Vaal. Niasa tao ho misionera izy hatramin'ny taona 1870, Nivahiny imbetsaka ta¬min'ny faritra mpifanolo-bodirindrina hatrany Matabélé.

**Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa**



Ny diany rehetra dia nampitaina tamin’ny "Fikambanan’ny mpanjaka momba ny jeografia" sy tamin’ny fanjakana anglisin’ i Grande-bretagne sy Irlandy. Namoaka boky izay lasa tsiahy izy: "Ny asa misionera sy ny fiainana tany Afrika atsimo tamin’ny 1842".

Avy eo, nandika tanteraka ny Baiboly sy ny dian'ny mpivahiny tamin'ny teny tswana. Iray amin'ireo fiteny Bantoue (iray amin'ny fiteny ofisialy any Afrika Atsimo sy Boswana). I Robert Muffat koa dia mpanam¬boatra, mpandrafitra, mpanefy, mpanao zaridaina, mpiompy ary mpampianatra... I Robert Muffat dia oha¬tra iray amin'ny lisitry ny olona tsotra izay nanao zavatra tsy araka ny fanao raha vao nifanena tamin’ ilay Tompo sy Mpamonjy  Jesosy Kristy.